Royal Botanic Gardens

Kew

# Pôlitika Momba ny Fiarovana

January 2024

Dika faha-4

# Votoatiny

**Votoatiny** ........ **2**
**Fizarana I– Pôlitika** ........ **3**
1. Mombamomba an'ity pôlitika ity........ 3
2. Votoatin'ny Pôlitika ........ 3
3. Tanjona ........ 3
4. Fetra sy fahefana........ 4
**Fizarana II– Paikady**........ **5**
5. Rafi-piarovana – paikady mba hiarovana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo eo anivon'ny Kew ........ 5
6. Paikady........ 9
7. Rafitra momba ny lalàna........ 9
8. Dika sy fanitsiana natao tamin'ity pôlitika ity ........ 9
**Fanazavana Fanampiny**........ **11**
Fanazavana I: Fanazavana teny........ 11
Fanazavana II: Lalàna manan-danja sy tari-dalana ........ 15
Fanazavana III: Toromarika ho an'ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo Very ........ 16
Fanazavana IV: Torolalana ho an'ny Fanaovana Tatitra Momba ny Fiarovana........ 17
Fanazavana V: Raha mivoaka ny resaka........ 18
Fanazavana VI: Taratasy Momba ny Tranga sy Fanahiana ........ 19
Fanazavana VII: Fampiharana an'ilay pôlitika any Madagasikara........ 23

Hita ato amin'ity pôlitika ity ny fanazavana momba ny fiarovana, izay mety hanahirana ny olona sasany ny hamaky azy ary mety hisy vokany amin'ny fihetseham-pony. Manana rafitra fanampiana isan-karazany ny Kew ary azo jereny izy ireny. Raha misy iray amin'ny hevitra voalazan'ity pôlitika ity nahazo anao, dia mangataha fanampiana amin'ny:

- Ny lehibenao na ny tompon'andraikitry ny sampana misy anao
- Ireo mpitsabo vonjimaika momba ny saina, ary hita ao amin'ny tranonkala Kewnet ny momba azy
- ny Fandaharam-panampiana ny Mpiasa, izay azon'ny mpiasa mikarama rehetra mipetraka any Royaume-Uni sitrahana.
- Ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana, mba hahazoana ny mombamomba ny fikambanana tsy anisan'ny RBg Kew, raha te hahazo fanampiana ivelan'ny fikambanana.

# Fizarana I– Pôlitika

## 1. Mombamomba an'ity pôlitika ity

1.1. Ny Royal Botanic Gardens, Kew (“RBG Kew”) dia foibem-pikarohana malaza eran-tany amin'ny resaka zava-maniry sy holatra. Manana zaridaina roa ny RBG Kew. Kew Gardens any andrefan'i Londres ny iray, ary Wakehurst any andrefan'i Sussex ny iray hafa. Mandray mpitsidika mivantana maherin'ny roa tapitrisa isan-taona ny RBG Kew ary misy koa mpitsidika amin'ny alalan'ny Internet miisa an-tapitrisany. Manana sampana iray fahatelo koa ny RBG Kew ary aty Madagasikara no misy azy. Antsoina hoe Kew Madagascar Conservation Centre na KMCC izy io ary 40 eo ho eo ny mpiasa ao aminy. Any Royaume-Uni no misy ny ekipa siantifika. Miasa manerana ny Royaume-Uni sy maneran-tany io ekipa io ka mandray anjara amin’ny tetikasa fidinana ifotony, mikarakara ny fivoriana, fifanakalozana fahalalana, asa fanentanana ary fiaraha-miasa.

1.2. Tena sarobidy aminay ny fifandraisana amin’ny rehetra, anisan’izany ny Ankizy sy ny olon-dehibe mety mila fikarakarana. Maro amin’ny Ankizy mitsidika ny RBG Kew no miaraka amin’ny fianakaviany, ny namany ary ny mpikarakara azy. Mety ho andiana mpianatra koa no tonga mitsidika. Toy izany koa, mety harahina mpikarakara ara-pahasalamana ny olon-dehibe marefo na ahiana harary. Mandray anjara amin'ny fanasoavana ny fiaraha-monina koa izahay amin'ny asa ataonay maneran-tany.

## 2. Votoatin'ny Pôlitika

2.1. Miezaka mafy ny RBG Kew mba hahazoana antoka fa mahafinaritra foana ny fifandraisan’ny ekipa rehetra sy ny olona tonga mitsidika anay. Tsy tokony hisy hanararaotra Ankizy na olon-dehibe, na amin’ny endriny inona na amin’ny endriny inona, rehefa mifandray amin’ny RBG Kew. Hazavaina ato amin’ity pôlitika ity ny andraikitra raisinay mba hiarovana ny Ankizy sy ny Olon-dehibe Marefo tonga mitsidika anay mivantana, na mitsidika amin’ny alalan’ny Internet, na amin’ny alalan’ny asa fanasoavana sy fanentanana ataonay manerana ny Royaume-Uni sy maneran-tany.

2.2. Marina fa ilay olona mpanaraka an’ilay Ankizy na ilay olon-dehibe no tena tompon’andraikitra amin’ny fiahiana azy ireo. Efa noraisin’ny RBG Kew anefa ny fepetra rehetra mba hahazoana antoka hoe voaro ireo olona ireo ary tsy atahorana izay toerana alehany. Toy izany koa ny amin’ireo mpiasa ao aminy sy ny mpiasa an-tsitrapo, ary voalaza ato anatin’ity pôlitika ity daholo izany fepetra izany.

## 3. Tanjona

3.1. Voalaza ato ny pôlitikan’ny RBG Kew mahakasika ny fomba tsara itondrana ny Ankizy sy ny Olon-dehibe Marefo. Hita ato koa ny fepetra raisina mba tsy dia hitrangan’ny fanararaotana rehefa mitsidika ny RBG Kew ry zareo, na mifanerasera amin’ny RBG Kew sy ireo mpiara-miasa aminy (jereo ny Fizarana 4 hoe Fetra). Toy izao ny tanjon'ity pôlitika ity:

- Manamafy ny fiarovana ny Ankizy sy ny Olon-dehibe Marefo, ary manao an'zany ho laharam-pamehana.
- Manome toky ny ray aman-dreny, ny mpikarakara azy ireo sy ireo mpiara-miombon’antoka hafa fa mandray ny fepetra rehetra ny RBG Kew mba handaminana ny trangan-javatra sy hiarovana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo.
- Manao izay ahazoana antoka fa azon’ny tsirairay ny andraikiny mahakasika ny fiarovana, ary mahazo ny fanazavana sy ny fampiofanana ary ny fanampiana ilaina mifandray amin’ny resaka fiarovana ry zareo.
- Tsy mamela ny olona hanao asa mifandray amin’ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo, raha namoaka fandrarana momba an’io olona io ny Sampan-draharahan’ny Tsiambaratelo sy Fandrarana (na DBS), na mihevitra ny RBG Kew fa mety hampidi-doza ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo ilay olona.
- Manao azo antoka hoe misy fepetra raisina raha sendra misy tranga mampiahiahy mahakasika fanararaotana Ankizy na Olon-dehibe Marefo, izay tonga mitsidika ny RBG Kew na mifampiraharaha aminy.

3.2. Anisan'ny tanjon'ny Pôlitika Momba ny Fiarovana koa ny mandamina araka ny tokony ho izy ny asa sy ny tranga mahatafiditra ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo. Ataony azo antoka àry fa manao an'ireto ny mpiasa ao aminy:

- Manao fanombanana momba ny trangan-javatra mety hiseho, anisan'izany ny famantarana an'ilay tranga sy ny fitaovana entina hampihenana na hanafoanana azy.
- Manatanteraka ny zavatra mila atao, voalaza ao amin'ilay fanombanana, ary mijery matetika ny fahombiazan'ilay izy.
- Manao azo antoka fa misy fanaraha-maso ataon'ny Sampan-draharahan'ny Tsiambaratelo sy Fandrarana (na DBS) amin'ireo mpiasa mifandray amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo.
- Mitaky amin'ny mpiasa sy ireo mifandray amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo, mba haharaka tsara ny voalazan'ity pôlitika ity sy ny Fitsipika Momba ny Fitondran-tena.

3.3. Voalazan'ity pôlitika ity fa mila alefa any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana izay fiampagana na tranga mampiahiahy mahakasika ny Fanararaotana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo, mba hanaovana fanadihadiana. Alefa any amin'ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (na DSL) ilay raharaha avy eo mba hahitana izay fepetra mila raisina, raha ilaina. Amin'izay mantsy azo antoka hoe mety tsara ny nandaminana ny tranga tsirairay ary nisy fepetra noraisina. Anisan'izany ny hoe mifandray amin'ny manam-pahefana (polisy na fikambanana miaro ny Ankizy/olon-dehibe) sy/na manatanteraka ny fepetra takin'ny lalàna mba hampitana ny fanazavana any amin'ny DBS, raha ilaina. Misy dingana arahina rehefa mandamina tranga na fiampagana iray. Ny tanjona dia mba ho voalanjalanja ny fiarovana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo amin'izay mety ho fanararaotana sy ny fiarovana ny mpiasa sy ny olon-kafa amin'ny fiampangana tsy marim-pototra ataon'ny olona.

## 4. Fetra sy fahefana

4.1. Mihatra amin'ireto manaraka ireto ity pôlitika ity: RBG Kew, RBG Kew Enterprises Limited ("Enterprises") sy ny Foundation and Friends of the Royal Botanic Gardens, Kew ("Foundation") (samy antsoina hoe "Kew" izy rehetra ireo ato amin'ity pôlitika ity). Ny mpiasa rehetra, ny tompon'andraikitra, ny mpitantana, ny mpiasa tsy maharitra sy ny mpiasa mpisolo toerana (samy antsoina hoe "staff") mpiasa an-tsitrapo, mpianatra ary ny mpandraharaha dia tsy maintsy maharaka sy manaja ny voalazan'ity pôlitika ity. Samy tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana an'ilay izy koa ry zareo. Raha misy tsy manaja an'ity pôlitika ity (na ahiana ho tsy manaja azy ity) dia tokony hampafantarina ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana.

4.2. Ny Talen'ny Zaridainan'i Kew no tompon'andraikitra amin'ny fampiharana an'ity pôlitika ity, ary ny Filan-kevi-pitondrana no nanamarina sy nanaiky ary nampanan-kery azy. Tokony hojerena tsy tapaka amin'ny fotoana voafaritra iray ity pôlitika ity (araka ny voalazan'ny Fizarana 5.25), amin'izay azo antoka fa mahafeno ny fepetra araka ny lalàna ilay izy ary manaraka ny fitsipika mifandray aminy. Mifandraisa amin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana raha manana fanontaniana mifandray amin'ity pôlitika ity ianao, na ny toromarika voalaza ato.

4.3. Ny Filan-kevi-pitondran'ny RBG Kew no tompon'andraikitra farany amin'ity pôlitika ity. Ny rafi-pitantanana eo anivon'ny Kew no miantoka ny fampahafantarana sy ny fanentanana mifandray amin'ny resaka fiarovana eo anivon'ny Vondrona mpanapa-kevitra, ary ireto no mandrafitra an'io rafi-pitantanana io:

- Ny Komitin'ny Fanadihadiana sy ny Loza, izay mandefa soso-kevitra any amin'ny Filan-kevi-pitondrana, raha ilaina. Anisan'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevi-pitondrana koa Ny Filohan'ny Komitin'ny Fanadihadiana sy ny Loza, ary izy no voatendry ho mpanome vaovao mahakasika ny fiarovana.
- Ny Vondron'ny Mpitarika, izay miantoka ny fandinihina an'ity pôlitika ity sy ny fanapahan-kevitra mahakasika ny fandaminana ny loza, ny fitantanana, sy ny fanaraha-maso anatiny.
- Komitin'ny Tompon'andraikitry ny Fiarovana, izay manara-maso ny fomba hanatanterahina ny rafi-piarovana.

# Fizarana II– Paikady

## 5. Rafi-piarovana – paikady mba hiarovana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo eo anivon'ny Kew

Eken'ny Kew fa ilaina ny mahafehy tsara ny resaka fiarovana mba hahafahana miantoka toerana iray azo antoka, indrindra ho an'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo. Tsara àry ny manome torohevitra sy paikady mahomby mba hahafahan'ny mpiasa rehetra miantoka ny fiarovana eo am-panaovany ny asany. Resahina ato amin'ity fizarana ity ny sehatra sasany mahatonga an'izany paikady izany hahomby.

### Fahaizana mifidy mpiasa vaovao

5.1. Andraikitry ny Kew ny manao izay ahazoana antoka fa noraisina ny fepetra rehetra mba ho matihanina tsara izay mpiasa vaovao ampidirina.

- Raha tafiditra amin'ilay karazan'asa ny fifampiraharahana amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo, dia:
  - tokony holazaina amin'ilay tolotr'asa hoe hatraiza ny andraikitra tafiditra amin'ilay izy
  - tokony holazaina ao koa raha mety harahin'ny DBS maso akaiky ilay asa ary mety hisy lisitry ny fandrarana avoakany
  - tokony hanontaniana ilay mpanao fangatahana mandritra ny fanadinadinana atao aminy, mba ahitana hoe manao ahoana ny fihetsiny manoloana ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo sy ny fahavononany amin'ny resaka fiarovana. Mila dinihina koa raha tsy niasa matetika ilay olona na niova asa matetika, nefa tsy dia nisy antony marim-pototra loatra.
- Misy fanaraha-maso atao amin'ny mpiasa vaovao rehetra, mifandray amin'ny tanjon'ny Kew mahakasika ny fiarovana sy ny filaminana.
- Mila anaovan'ny DBS fanamarinana ankapobeny ny mpiasan'ny Kew tsy ankanavaka, alohan'ny handehanany, raha hamita iraka eny an-tsaha, eny ivelany izy. Efa nandalo fanamarinan'ny DBS ny mpiasan'ny RBG Kew iray, alohan'ny nanombohan'ny asany, raha taorian'ny Oktobra 2013 izy no niditra (Janoary 2020 ho an'ny mpiasa sokajy Enterprises).
  - Izao no amaritan'ny Komitin'ny Asa eny An-tsaha eny Ivelany iandraiketan'ny Kew (na OFC), ny atao hoe Asa eny an-tsaha: ny fikarohana sy ny asa fanangonana rehetra, ka ilana fidinana ifotony, toy ny fangalana sampana, fangalana sy/na fanesorana voly na zezika, tany na zavatra hafa atao amin'ny voly, sy/na fitehirizana fanazavana/sarin'ny voly na zezika hanaovana fikarohana.
- Misy fanamarinana lalina kokoa ataon'ny DBS (arakaraka ny rafitra mifanitsy aminy) ho an'ny mpiasa rehetra (anisan'izany ireo miasa any ivelany), ny mpiasa an-tsitrapo sy ny mpandraharaha hafa. Averina isaky ny telo taona izany fanamarinana izany. Raha tsy nanavao ny fanamarinana ny DBS, dia tokony hisy Fanadihadiana Vonjimaika Momba ny Loza ataon'ny tompon'andraikitra, ary heken'ny Lehiben'ny Fiarovana sy ny Lehiben'ny Mpiasa (RH).
- Mety hisy Fanamarinana Lalina Kokoa atao (miaraka amin'ny lisitry ny fandrarana na tsia), raha misy fifandraisana amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo ilay asa atao. Tokony harahina ny hita ao amin'ny fitaovana fahafenoina fepetra an'ny DBS any Royaume-Uni, na ilay ao amin'ny Kisarisary Momba ny Fepetra Fanaraha-maso (jereo ny Fanazavana Fanampiny VIII). Tokony hatao ny fanaraha-maso raha feno ny fepetra mifanaraka amin'izay hita ao amin'ny lisitry ny fandrarana.
- Anjaran'ny tompon'andraikitra ny manao azo antoka mba hisy fanamarihana atao amin'ny ekipany. Mameno an'ilay taratasy fangatahana fanampiana ary mampahafantatra raha mila mandalo fanaraha-maso lalina kokoa avy amin'ny DBS ilay karazan'asa. Azon'ny tompon'andraikitra jerena ilay Kisarisary Momba ny Fepetra Fanaraha-maso Lalina Kokoa, ary tokony hameno ny taratasy fangatahana Fanaraha-maso Lalina kokoa Ataon'ny DBS izy, raha ilaina.
- Tokony hataon'ny tompon'andraikitra azo antoka hoe marina tsara foana ny fanazavana momba ny andraikitry ny mpiasa maharitra sy ny mpiasa an-tsitrapo, rehefa mifandray amin'ny Ankizy sy/na Olon-dehibe Marefo ny asan'iireo mpiasa ireo.

### Fitsipika fiarovana momba ny fitondran-tena

5.2. Tsy maintsy manaraka ny Fitsipika Fiarovana Momba ny Fitondran-tena ny mpiasa maharitra ao amin'ny Kew, ny mpiasa an-tsitrapo, ny mpianatra, ary ny mpandraharaha hafa. Handray fepetra ara-drariny haingana ny Kew raha misy mandika ny Fitsipika Fiarovana Momba ny Fitondran-tena. Mety hiharan'ny sazy ilay olona voakasika, raha lehibe ilay fahadisoana nataony, mifanaraka amin'ny fepetra famaizana napetraky ny Kew, sy/na hatolotra ny manam-pahefana mahefa ilay raharaha mba hotsaraina. Tokony hita ao amin'ny taratasy fifanarahana rehetra manan-kery ny fanarahana ny Fitsipika Fiarovana Momba ny Fitondran-tena.

5.3. Tsara fantatry ny mpiasa maharitra rehetra sy ny mpiasa an-tsitrapo ary ny mpianatra na mpandraharaha, ireto Fitsipika Fiarovana Momba ny Fitondran-tena ireto, ary tokony harahiny rehefa miasa na mifandray amin’ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo ry zareo:

1. Tokony hohajaina ny olon-drehetra, na inona na inona fiaviany, fananahany, fomba fiteniny, fomba fijeriny momba ny fananahana, fiteny, fivavahany, firehan-kevitra politika na firehan-kevitra hafa, mifandray amin'ny fiaviana, foko na saranga, fananana, kilema, fahaterana na toe-javatra hafa.
2. Tsy azo atao velively ny manao teny mandratra, na mandrahona, na manao resaka vetaveta na manao fihetsika tsy mendrika.
3. Raha misy tranga mampiahiahy na filazana Fanararaotana na Fihetsika Tsy Mendrika, dia resaho avy hatrany ny Sampan-draharahan’ny Fiarovana, (safeguarding@kew.org) ary araho ny dingana momba ny fanaovana tatitra (jereo ny Fanazavana Fanampiny IV).
4. Tokony ho fantatrao tsara ny toromarika eo an-toerana rehefa misy tranga tampoka, ohatra hoe, ratra, voina, na zavatra mahazo ny Ankizy sy ny Olon-dehibe Marefo. Raha eo an-toerana ianao, dia tokony hifandray amin’ny Polisy Monisipaly (Kew Gardens, birao 3333), na ny *Ranger* (Wakehurst, birao 4070) ary araho ny dingana voalazan’ny Fanazavana Fanampiny III, mahakasika ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo sady Very.
5. Tsy azonao atao ny manaiky hiandraikitra Ankizy na Olon-dehibe Marefo, ary tokony hahena ny toe-javatra mety hahatonga anao ho irery miaraka amin'ny Ankizy na Olon-dehibe Marefo. Tsy maintsy ampahafantarinao haingana ny mpikambana hafa ilay tranga, raha tena tsy azonao ialana.
6. Tadidio fa mety hivadika ho zavatra hafa ny fifandraisana mivantana sy amin'ny internet. Alaviro ny fifandraisana mivantana tsy amin'antony, azo omena olon-kafa ny mombamomba anao, ary aza ampanaovina zavatra tsy nasain'ny Kew natao akory ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo. Tafiditra amin'izany ny mpiasa maharitra rehetra, ny mpandraharaha ary ny mpiasa an-tsitrapo latsaky ny 18 taona.
7. Raha nisy Ankizy sy Olon-dehibe Marefo nalaina sary na video, dia ataovy azo antoka hoe efa nahazoana alalana taminy izany sy/na tamin'ny ray aman-dreniny na ny mpikarakara azy. Ataovy azo antoka koa hoe voahaja ny fitsipika an-tsoratra an'ny Kew ary nampiasaina ny taratasy fanekena momba ny fakana sary. Mifandraisa azafady amin’ny privacy@kew.org, raha misy tranga eo an-toerana. Tokony hifanaraka mazava tsara amin’ilay taratasy fanekena ireo sary ireo ary tsy azo alaina amin’ny fitaovana manokana ny sarin’ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo.
8. Tadidio fa ity fitsipika ity sy ny toro lalana mifandray aminy dia mihatra amin'ny fotoana rehetra sy ao amin'ny Internet, na ao amin'ny toeram-piasan'ny Kew izany, na atao amin'ny anaran'ny Kew nefa ivelan'ny toeram-piasana, na eo an-toerana na eny ivelany.
9. Raha misy fiampangana voarainao, na zavatra hafa vokatry ny heloka iray, izay nitranga taloha na nandritra ny fifampiraharahana tamin'ny Kew nefa mifandray amin'ny Fanararaotana Ankizy na Olon-dehibe Marefo, dia resaho avy hatrany ny lehibenao sy ny tompon'andraikitry ny mpiasa (na ny Tompon'andraikitry ny Mpiasa an-tsitrapo, raha mpiasa an-tsitrapo ianao).

## Fampianarana sy fampiofanana

Takatr’i Kew tokony hisy fanentanana avo lenta hatao mahakasika ny pôlitika ary tsy tokony hatahotra ny mpiasa maharitra sy ny mpiasa an-tsitrapo rehefa mampihatra an’ilay pôlitika. Amin’izay mantsy azo tsara ny votoatin’ny Pôlitika Momba ny Fiarovana, ary azo ampiharina.

5.4. Tokony ho azon’ny mpiasa anatiny rehetra, sy ny mpiasa an-tsitrapo, ny mpandraharaha, ary ny mpianatra fa andraikiny ny manao tatitra raha misy tranga fanararaotana, na fitondran-tena tsy mendrika na tsy fanajana ny pôlitika, anisan’izany ny Fitsipika momba ny fitondran-tena. Tokony hanaraka an’ireto fampiofanana ireto àry ry zareo. Mila mamerina ny Fiofanana Tsotra Momba ny Fanentanana ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo/mpianatra/mpandraharaha, isaky ny roa taona, mifanaraka amin’ny Fitsipik’i Kew Momba ny Fiofanana Tsy Maintsy Arahina. Ataon'ny Kew koa izay hahafantaran'ny mpandraharaha an'ity pôlitika ity, raha ilaina.

5.5. **Fampiofanana Tsotra Momba ny Fanentanana**: Tokony hampahafantarina ny Pôlitika Momba ny Fiarovana an'i Kew ny mpitantana rehetra, ny mpiasa anatiny, ny mpiasa an-tsitrapo, ny mpianatra, ary izay mpandraharaha hafa, raha ilaina. Ny Fampiofanana Momba ny Fanentanana àry no ampianarina azy. Misy lesona fianarana mipetraka ao amin'ny tranonkala an'i Kew (antsoina hoe Kewnet), ary azon'ny mpiasa anatiny rehetra sy ny mpiasa an-tsitrapo rehetra ampiasaina izy io. Tsy maintsy manaraka an'io fianarana io anefa ny mpiasa vaovao rehetra. Misy karazany roa ilay fiofanana ao amin’ny tranonkala: ny iray ho an’ny mpiasa any Royaume-Uni, ary ny iray ho an’ny mpiasa any amin’ny KMCC. Misy amin’ny teny anglisy, frantsay ary malagasy ilay fiofanana ho an’ny KMCC. Andraikitry ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny ny manampy ny ekipany mba haharaka an'ilay fampiofanana momba ny fanentanana, ary ny ekipan'ny Mpiasa An-tsitrapo kosa no mampiasa azy io ho an'ireo mpiasa an-tsitrapo vaovao.

5.6. **Fampiofanana momba ny fifandraisana mivantana**: Ny mpiasa anatiny rehetra, ny mpiasa an-tsitrapo ary ny mpandraharaha mifandray mivantana amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo.

5.7. **Tompon'andraikitra:** Ny tompon'andraikitra rehetra miandraikitra ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo izay mifandray mivantana amin'ny Ankizy sy/na Olon-dehibe Marefo, na mandray anjara amin'ny hetsika natao ho an'ny besinimaro.

5.8. **Fiarovana Iraisam-pirenena:** Ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo nirahin'ny Kew hamita iraka eny ivelany ary mifandray amin'ny olona eo an-toerana.

5.9. **Video fanentanana momba ny fiarovana iraisam-pirenena:** Video fohy ahitana ny pôlitika sy fitsipik'i Kew momba ny fiarovana, natao ho an'ny mpiasa anatiny sy ny mpiara-miombon'antoka miasa ivelan'ny Royaume-Uni.

5.10. **Vondron'ny tompon'andraikitra sy Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (na DSL):** Ho an'ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana, na izay nanankinana an'izay andraikitra izay, anisan'izany ny Tompon'andraikitry ny Mpiasa, ny tale, ny mpitantana. Tokony hanaraka fampiofanana lalina kokoa mifanaraka amin'ny andraikiny ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana tsirairay.

5.11. **Fiarovana tambazotran-tserasera**: Ho an'ny mpiasa mikirakira ny tambazotran-tserasera an'ny Kew sy ny tranonkala famaliana fanontaniana.

## Fandaminana andraikitra

5.12. Andraikitry ny tompon'andraikitra rehetra ny manao izay hahafantaran'ny mpiasa anatiny, ny mpiasa an-tsitrapo, ny mpianatra, ary ny mpandraharaha, ny votoatin'ny pôlitika ary tokony hampiany izy ireo mba hanao zavatra mifanaraka amin'ilay pôlitika. Anisan'izany ny manao ezaka fampahafantarana an'ilay pôlitika, ny mijery raha ilaina ny mampiditra mpiasa vaovao, mampiofana ny tenany sy izay eo ambany fiandraiketany, ary mandamina hetsika mba hahatonga ny olona hanaiky fa ilaina ilay pôlitika fiarovana.

5.13. Tokony hataon'ny tompon'andraikitra azo antoka fa arahina ny fepetra rehetra rehefa mampiditra mpiasa vaovao, mpiasa an-tsitrapo, mpandraharaha, mpianatra, na mpiofana eo anelanelan'ny 16 hatramin'ny 18 taona. Anisan'izany ny mpianatra mbola miofana, izay mila anaovana fanadihadiana momba ny loza. Mety handalo fanamarinana lalina kokoa ataon'ny DBS ny tompon'andraikitra, ary tokony hampahafantatra ny fampidirina mpiasa vaovao any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana.

## Fiarovana sy tambazotran-tserasera

5.14. Tokony harahin'ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo foana ny Fitsipika Momba ny Fitondran-tena, rehefa mandefa hafatra avy amin'ny kaontiny manokana izy, na avy amin'ny tambazotran-tseraseran'i RBG Kew. Raha misy olona ety ivelany mifandray amin'ny alalan'ny internet, amin'ny mpiasan'ny Kew, na ny mpiasa an-tsitrapo, na mpandraharaha, nefa mampanahy ny fitondran-tenany na fihetsiny, dia tokony hilazana avy hatrany ny tompon'andraikitry ny tambazotran-tserasera. Raha hita fa resaka natao amin'ny Ankizy na Olon-dehibe Marefo ilay hafatra, dia tokony hilazana koa ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ka ny fomba fanaovana tatitra napetrak'i Kew no arahina (azo atao ny mampiseho sarin'ilay hafatra, raha ilaina). Misy toromarika momba ny tambazotran-tserasera navoakan'i Kew ary hita ao ny fanazavana manampy ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo mba ho voaro rehefa mampiasa tambazotran-tserasera. Tokony hanaraka ny fampiofanana momba ny tambazotran-tserasera izay mpiasa mikirakira ny tambazotran-tserasera ofisialin'i RBG Kew sy ny tranonkala famaliany hafatra.

## Fanazavana manokana sy fampiasana sary

5.15. Fantatr'i Kew ny andraikiny amin'ny fikirakirana ny fanazavana manokana, mifanaraka amin'ny lalàna momba ny fanazavana manokana, sy ny fiarovana ny fanazavana momba ny olona ivelan'i Kew, anisan'izany ny fampiasana sarin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo sy ny tantarany. Ireto no mila dinihina rehefa mifidy an'ireny sary na hafatra ireny: fanajana, fitoviana, fahamendrehana, mifanaraka amin'ny fitsipika manan-kery, ary efa nahazoana ny fanekena, raha ilaina. Tokony hatao an-tsoratra ilay fanekena, na teto Royaume-Uni ilay sary no nalaina na nandritra ny famitana iraka tany ivelany.

## Famaliana fitarainana

5.16. Miezaka i Kew mba ho mety tsara ny fomba hamaliany ny fiampagana, ny tranga mampiahiahy, na fanararaotana tamin'ny lasa na amin'izao, ary na mahatafiditra ny mpiasan'i Kew ilay izy na tsia, na mpiasa an-tsitrapo, na mpandraharaha, ary manana ny fomba fanaovana tatitra mazava i Kew (jereo ny Fanazavana Fanampiny IV). Takin'i Kew ny mpiasa anatiny rehetra, ny mpandraharaha, ary ny mpiasa an-tsitrapo mba hampahafantatra an'izay tranga mampiahiahy, na fiampangana, na mety ho

fanararaotana atao amin'ny Ankizy sy/na Olon-dehibe Marefo, na fihetsika tsy mendrika, na tranga hafa ahitana hoe tsy narahina ny voalazan'ity pôlitika ity.

5.17. Andraikitry ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (na DSL) ny mamaly ny tatitra mampiahiahy momba ny fiarovana. Anisan'izany ireto: Development Manager – Major Gifts (Development), Head of Digital Experience (Digital), Head of Visitor Operations (Site – Kew Gardens), Head of Learning & Participation (Learning – Kew Gardens), Head of Public Programmes (Learning – Wakehurst), Deputy Director of Science (Operations) (Science and International), ary ny Head of Visitor Experience & Commercial (Site – Wakehurst). Ny Tompon'andraikitry ny Mpiambina Maharitra no olona ifandraisana voalohany raha misy tranga mampanahy na mampiahiahy mitranga ivelan'ny ora mahazatra (aorian'ny 5 ora hariva), na amin'ny andro tsy fiasana na faran'ny herinandro. Amin'izay mba tsy tara ny famaliana ny resaka fiarovana.

5.18. Andraikitry ny tompon'andraikitra ny mijery raha arahina ny fomba fanaovana tatitra, amin'izay ampahafantarina araka ny tokony ho izy any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana izay tranga Fanararaotana mampiahiahy. Tokony hojeren'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana sy ny DSL hoe voavaly araka ny tokony ho izy ny tatitra toy izany ary nampahafantarina ny Lehiben'ny Fiarovana raha ilaina. Ity farany kosa no hifandray amin'ny ambarantonga hafa. Tokony hisy mpiasa mahay iray hotendrena hisolo ny DSL amin'ny fotoana tsy maha eo azy. Tokony ho hain'io mpisolo toerana ny DSL io ny mamaly ny tatitra momba ny fiarovana sy ny mifandray amin'ny Lehiben'ny Fiarovana, raha ilaina.

## Asa iraisam-pirenena sy fiarovana

5.19. Mihatra maneran-tany ny Pôlitika Momba ny Fiarovan'i Kew, ary tokony hanaja ny Fitsipika momba ny fitondran-tena ny mpiasa anatiny. Tokony hisy fanadihadiana atao momba ny loza mety hitranga, raha misy asa mampifandray amin'ny olona ivelany, ka ilay Fanadihadiana Momba ny Loza Mifandray Amin'ny Fiarovana ho an'ny Iraisam-pirenana no ampiasaina. Raha misy tranga na fanahiana mahakasika Ankizy/Olon-dehibe Marefo na fihetsiky ny mpiara-miasa mampiahiahy, dia tokony hampahafantarin'ilay mpiasa miasa any ivelany ny Tompon'andraikitra na ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana. Ny tompon'andraikitra eo an-toerana no hanapaka ny fomba hanaovana tatitra, ary mety ilaina ny manatona ny fikambanana mahefa sy/na fikambanana hafa izay afaka mandamina tsara an'ilay raharaha. Tsara raha mangataka torohevitra mba tsy hahatonga ny Ankizy sy ny fianakaviany ho vao mainka mety hidiran-doza vokatr'ilay tatitra momba ny fampijalina sy/na Fanararaotana.

5.20. Omen'ny Kew toromarika fanampiny ny mpiasa anatiny miasa ao amin'ny KMCC (fanazavana fanampiny VII), hoe ahoana ny ampiharana ny pôlitika momba ny fiarovana.

## Manao azo antoka hoe manaja an'ilay pôlitika ny mpandraharaha sy ny mpiara-miombon'antoka

5.21 Takin'i Kew ny hoe mila manaraka sy manaja ny votoatin'ny Pôlitika voalaza ato ny mpandraharaha ivelany sy ny mpiara-miombon'antoka rehetra. Tokony hisy firesahana momba an'ilay pôlitika ao amin'ny taratasy fifanarahana/fanekena, ary tokony hifanampy ny tompon'andraikitra miandraikitra ny mpandraharaha sy mpiara-miombon'antoka mba hahatonga azy ireo hanaja an'ilay pôlitika.

5.22 Tokony hampahafantarina ny mpandraharaha na mpiara-miombon'antoka vaovao, fara faharatsiny, ny momba ny Fitsipika momba ny fitondran-tena, ary tokony ho hainy ny fanaovana tatitra. Mety hisy zavatra hafa takina raha misy ifandraisana amin'ny Ankizy sy/na Olon-dehibe Marefo ny asa ataon'ilay mpandraharaha na ilay mpiara-miombon'antoka. Ohatra hoe, fanaraha-maso lalina kokoa ataon'ny DBS ary fampiofanana momba ny fiarovana. Raha tsy mahafeno ny fepetra hanaovana ny fanaraha-maso lalina kokoa ilay asa, saingy misy ifandraisana amin'ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo, na amin'ny olona eo an-toerana mandritra ny fotoana lavalava, dia azo anaovana fanaraha-maso tsotra ilay olona. Arakaraka ny zava-misy tsirairay no ahitana an'izany.

## Fandaminana Loza

5.23 Misy rafitra fandaminana ny loza napetrak'i Kew mba hahazoana antoka hoe hita mialoha izay karazana loza rehetra mety hitranga eo anivon'ilay fikambanana. Raha atahorana hisy hanao fihetsika tsy mendrika na hisy hanararaotra ny Ankizy na Olon-dehibe Marefo, noho ny asan'i Kew (fitondran-tenan'ny mpiasa anatiny, ny mpiasa an-tsitrapo na ny mpanampy, na vokatry ny tsy fanaovana tsara an'ilay asa, ohatra) dia mbola azo ahena izany raha hanaovana fanadihadiana lalina kokoa momba ny fiarovana. Tokony hofenoina ilay Fanadihadiana Momba ny Loza, isaky ny misy tranga mety hahatafiditra Ankizy sy/na Olon-dehibe Marefo. Misy fanadihadiana manokana momba ny loza ho an'ny asa na tranga amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Andraikitry ny tompon'andraikitra ny mijery sy manamarina raha mety

tsara ny namenoana an'ilay Fanadihadiana Momba ny Loza ary manaraka ny fenitra takin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ilay izy.

### Fampiharana, fanaraha-maso, ary fanamarinana

5.24 Mivory ny Komitin'ny Tompon'andraikitry ny Fiarovana indroa isan-taona ary manara-maso ny fampiharana sy ny fandaminana ny fiarovana eo anivon'i Kew. Fantarin'izy ireo koa izay loza mety hitranga amin'ny fikambanana sy izay vahaolana.

5.25 Misolo tena ny vondron'ireo tompon'andraikitra sy ny sampan-draharaha samihafa ny Mpiaro ny Fiarovana ary manohana ny fampiharana sy ny fandaminana ny fiarovana eo anivon'i Kew.

5.26 Tokony hohamarinin'i Kew ity pôlitika ity, isaky ny roa taona (raha tsy hoe niova ny lalàna ka ilaina ny manamarina azy alohan'ny fotoana).

## 6. Paikady

6.1 Miezaka i Kew mba hahitana paikady ampy tsara hahafahana manatanteraka an'ity pôlitika ity ary manara-maso sy manatsara azy raha ilaina.

6.2 Mifanaraka amin'ireo fomba fiasa voalaza etsy ambony, dia mila arahina ireto toromarika ireto, rehefa misy olona miasa eo anivon'i Kew, na misolo tena azy:

a) Fampidirana, fifidianana ary fanaraha-maso ny mpiasa vaovao na ho an'ny mpiasa anatiny na mpiasa an-tsitrapo
b) Fanarahana ny fiofanana manontolo momba ny fiarovana
c) Fitsipika Fiarovana Momba ny Fitondran-tena
d) Torolalana ho an'ny Fanaovana Tatitra Momba ny Fiarovana
e) Pôlitika Momba ny Famoahana Tsiambaratelo
f) Pôlitika Momba ny Ady Amin'ny Fanandevozana
g) Pôlitika Momba ny Fiarovana Fanazavana Manokana
h) Toromarika Momba ny Video sy Sary
i) Pôlitika rehetra sy toromarika momba ny aro loza sy fahasalamana (anisan'izany ny Fitsipika Momba ny Fitondran-tena arahin'ny Mpandraharaha, ny Tari-dalana ho An'ny Dia Iraisam-pirenena)

## 7. Rafitra momba ny lalàna

7.1 Betsaka ny lalàna ahitana toromarika mifandray amin'ny maha olona sy fiarovana ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo. Mety ho anisan'izany ireto (fa tsy izy rehetra):

- Lalàna Miaro ny Fanazavana Manokana tamin'ny 2018
- Lalàna Momba ny Fanararaotana Ara-nofo tamin'ny 2003
- Lalàna Momba ny Ankizy tamin'ny 2004
- Lalàna Momba ny Ankizy (hetsika sy kilalao) (Angletera) tamin'ny 2014
- Lalàna Momba ny Maha Olona tamin'ny 2014
- Lalàna Momba ny Fiarovana Andian'ny Olona Marefo tamin'ny 2006 (nahitsin'ny Lalàna Momba ny Fahalalahana tamin'ny 2012)
- Lalàna Momba ny Fahasalama Ara-tsaina tamin'ny 2007 (nahitsin'ny lalàna tamin'ny 1983)
- Lalàna Momba ny Fanandevozana Maoderina tamin'ny 2015

7.2 Be dia be ny tari-dalana azo ampiasaina mba hanarahana ny toromarika momba ny fiarovana sy ny fahazarana tsara arahina. Mety ho anisan'izany ireto (fa tsy izy rehetra):

- Tari-dalana avy amin'ny fanjakana momba ny fiarovana Ankizy, anisan'izany ny "Working together to safeguard children" (na Ezaka iombonana amin'ny fiarovana ny Ankizy) tamin'ny 2018
- Tari-dalana momba ny fandidiana ny fivaviana
- Komity Maharitra Isaky ny Fikambanana: Fiarovana Amin'ny Fanararaotana Ara-nofo (PSEAH)
- Ny Fitsipika Fototra Momba ny Zon'olombelona

Misy fanazavana fanampiny momba ny lalàna amin'io resaka io sy hevitra mahaliana hafa hita ao amin'ny Fanazavana Fanampiny II.

## 8. Dika sy fanitsiana natao tamin'ity pôlitika ity

8.1. Neken'ny Filan-kevi-pitondran'i RBG Kew ity pôlitika ity, tamin'ny Janoary 2022.

8.2. Tamin’ny Novambra 2023 no nivoaka ny dika fahefatra amin’ity pôlitika ity, ary neken’ny Vondron’ny Mpitarika sy ny Komitin’ny Fanadihadiana sy ny Loza, eo anivon’i RBG Kew izy io.

# Fanazavana Fanampiny

## Fanazavana I: Fanazavana teny

Famaritana nalaina avy amin'ny tari-dalana momba ny asa tamin'ny 2018 navoakan'ny Ministeran'ny Fanabeazana ("Ezaka iombonana amin'ny fiarovana ny ankizy") sy ny Lalàna Momba ny Maha Olona tamin'ny 2014.

**Fanararaotana:** Endrika fampijaliana. Mety Hanararaotra na tsy hiraharaha Ankizy na Olon-dehibe Marefo ny olona iray, rehefa mampijaly azy, na tsy manao zavatra hanakanana an'ilay izy. Mety ho havan'ilay Ankizy sy Olon-dehibe Marefo na olona avy amin'ny fikambanana na fiaraha-monina ary mahafantatra tsara azy no Hanararaotra azy ireo. Mahalana vao hoe olona tsy fantatra (ohatra hoe tao amin'ny internet) izany. Mety ho olon-dehibe iray na maromaro na Ankizy iray hafa na Ankizy maromaro no Hanararaotra, ary mety ho amin'ny fomba maro no isehoany.

**Fanambakana:** Mampiasa olona na zavatra amin'ny fomba tsy ara-drariny, mba ho tombontsoan'ilay olona.

Ireto no anisan'ny Fanararaotana na Fanambakana:

- **Fanararaotana amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera**
  Anisan'ny tambazotran-tserasera ireto: lahatsoratra ao amin'ny internet, lalao ao amin'ny internet, tranonkala famaliana fanontaniana, fifaneraserana sy fifandefasana hafatra, toy ny Facebook. Mety ho fitaovana ampiasaina amin'ny Fanararaotana ireo, anisan'izany ny fampijaliana amin'ny internet, fanamboarana ny sain'ilay olona, fifampizarana sary tsy mendrika, na fanerena an-kolaka an'ilay olona mba handefa ny sariny mihanjahanja sy hanova ny finoany.

- **Fihetsika mampiseho fanerena sy fifehezana**
  Melohin'ny Lalàna tamin'ny 2015 Momba ny Heloka Bevava ny fihetsika mampiseho fanerena sy fifehezana. Tafiditra amin'izany ny fanerena an-kolaka na fandrahonana an'ilay olona hanao zavatra tsy tiany hatao. Maro ny endrika mety hisehoany, anisan'izany ny Fanararaotana ara-nofo, Fanararaotana ara-tsaina, Fanararaotana ara-bola, ny herisetra ao an-tokantrano, ary ny fanandevozana maoderina.

- **"County lines"**
  Araka ny famaritan'ny [Paikady Momba ny Herisetra Tafahoatra](), navoakan'ny Ministeran'ny Ati-tany, io teny io dia entina hilazana jiolahy sy andian-jiolahy mpivarotra sy mpanondrana rongony tsy ara-dalàna eto Royaume-Uni, amin'ny fampiasana finday na fitaovam-pifandraisana hafa. Mety hanararaotra Ankizy sy Olon-dehibe Marefo ireny jiolahy ireny ka hanery, na handrahona azy ireo, ary hampiasa herisetra, na fitaovam-piadiana.

- **Heloka "Coucou"**
  Alain'ny jiolahy na mpivarotra rongony an-keriny ny tranon'olona anankiray dia hampiasainy amin'ny asa ratsiny. Fanaon'ny karazana vorona iray antsoina hoe "coucou" ny maka ny tranon'ny vorona hafa, dia izay no niavian'ilay hoe heloka coucou. Ireto no mety ho anisan'ny helokoa coucou:
  - fampiasana an'ilay toerana mba hambolena, hivarotana, hitehirizana na hampiasaina rongony
  - fampiasana an'ilay toerana mba hanaovana fivarotan-tena
  - fampiasaina an'ilay toerana mba hitehirizana fitaovam-piadiana
  - fakana an-keriny an'ilay toerana mba hipetrahana
  - fakana an-keriny an'ilay toerana mba Hanararaotana ny volan'ilay mpanofa.
  - ataon'ny jiolahy izay ahazoana ny fon'ilay Olon-dehibe Marefo, ilay Ankizy na tanora hafa, dia rahonany izy ireo avy eo ary atoka-monina mba tsy hifandray amin'ny havany na namany na tsy ahazo ny zavatra sasany ilainy.

- **Fanararaotana miharo fanavakavahana**
  Fanararaotana vokatry ny tsy fitoviana, toy ny fiaviana, hoe lahy sa vavy, ny kilema, ary toetra mifandray amin'ny fiarovana. Mety hiseho amin'ny endriny maro izy io, mety mivantana na tsia, na fampijaliana:
  - fanararaotana
  - fanaratsiana na mitovy amin'izany noho ny:
    - taona
    - kilema
    - fananahana, maha izy an'ilay olona na fomba firesany
    - olana ara-tsaina
    - fiaviana
    - fivavahana na finoana
    - fananahana
    - firehan-kevitra momba ny fananahana

- **Herisetra ao an-tokantrano**

  Tranga niseho indray mandeha na matetika momba ny fifehezana, hery, fandrahonana, na herisetra, ary mety tena nihatra tamin'ilay olona na hitany maso. Anisan'izany ireto:

- ara-tsaina
- ara-batana
- ara-nofo
- ara-bola
- Fanararaotana ara-pihetsaham-po
- herisetra vokatr'ilay antsoina hoe 'voninahitra'

- **Fandidiana ny Fivaviana (FGM)**

Misy vehivavy minia mandidy, mandratra, na manova ny fivaviany, nefa tsy nasain'ny dokotera hanao an'izany akory. Io no atao hoe FGM. Ankizy hatramin'ny ankizy 15 taona matetika no manao azy io.

- **Fanararaotana ara-bola na ara-panana**

Fampijaliana atao amin'ny olona, mba hahazoana ny volany na ny fananany. Ohatra:

- halatra
- hosoka
- hosoka amin'ny internet
- fanerena olon-dehibe iray amin'ny fampiasany ny volany, ny didim-panany, ny tany sy tranony na ny lovany
- fampiasana amin'ny fomba ratsy ny trano, ny fananana, na ny tombony

- **Fanambadiana an-tery**

Ny hoe Fanambadiana an-tery dia fanerena olona iray hanambady. Mety hamboarina ny sain'ilay olona, na ny fihetseham-pony, na rahonana izy. Tsy mitovy amin'ny fanambadiana efa nifanarahana izy ity. Misy tari-dalana azon'ny Sampan-draharahan'ny Fanambadiana an-tery omena amin'ny 020 7008 0151 / fmu@fco.gov.uk.

- **Heloka Ataon'ny Namana Sandoka**

Misy olona mody minamana be amin'ny olona iray, matetika olona manana fahasembanana amin'ny fianarana, dia Araraotiny sy hampijaliny avy eo ilay olona. Mety haharitra lava be ilay fifandraisana ka lasa mitranga matetika ilay Fanararaotana ary miharatsy.

- **Fanandevozana Maoderina**

Rehefa araraotin'ny hafa ilay olona, mba hahazoany tombony manokana na amin'ny resaka varotra. Anisan'izany ireto:

- fivarotana olona
- asa an-terivozona na asa vokatry ny trosa
- fanandevozana nolovana
- asa an-terivozona sy fanandevozana ao an-trano.
- ampiasain'ny mpivarotra olona sy ny mpanandevo ny fomba rehetra ananany mba handrahonana, hamitahana, ary hanerena ny olona hilefitra sy hanaiky handevoziny

- **Tsy fitandremana sy fanaovana tandrevaka**

Anizan'izany ny hoe tsy miraharaha ny torohevitry ny mpitsabo, ny zavatra ilaina ara-batana sy ara-pihetseham-po, tsy fanomezana fitsaboana, fikarakarana, fanampiana na fampianarana, ny zavatra ilaina eo amin'ny fiainana, toy ny fanafody, sakafo ary ny fitaovana fampiakarana hafanana.

- **Fanaraotana ataon'ny Fikambanana**

Anisan'izany ny tandrevaka eo anivon'ny fikambanana na toeram-pitsaboana, toy ny hopitaly na fikarakarana tsizarizary any an-trano. Mety ho tranga indray mandeha ihany izy io na fikarakarana fahasalamana mitohy. Mety hisy tandrevaka eo am-panaovana an'ilay asa vokatry ny foto-drafitr'asa, pôlitika, fomba fiasa, sy ny fahazarana eo anivon'ny fikambanana iray.

- **Fanararaotana Amin'ny Samy Mitovy Taona**

Mitranga ity Fanararaotana ity eo amin'ny ankizy mitovy taona, ary toy izao no mety ho fisehony: Fanararaotana na fandrahonana ara-batana, ara-nofo, ara-pihetseham-po, ara-bola. Mety hitranga eo amin'ny samy ankizy ary mety hahakasika ny sokajin-taona rehetra. Mety ho tafiditra amin'izy io ny fampijaliana mivantana, amin'ny internet, herisetra ara-nofo, fandrahonana, ary fandefasana hafatra vetaveta.

- **Fanaraotana Ara-batana**

Minia mampijaly Ankizy na olon-dehibe ka mandratra azy. Ohatra:

- fandratrana
- kapoka
- felaka
- fanosehana
- fampiasana fanafody tafahoatra
- sakana
- fampiharana sazy tsy ara-drariny

➢ Fanararaotana Ara-tsaina

Azo lazaina ho toy ny Fanararaotana ara-pihetsaham-po koa izy ity. Ny fihetseham-pon'ilay olona no asian'ilay mpanararaotra, ary ampitahoriny, halainy baraka, hatokany monina, na tsy raharahainy ilay Ankizy na olon-dehibe.

- fanararaotana ara-pihetsaham-po
- fandrahonana ny hampijalina na hilaozana
- sakanana tsy hifandray aman'olona
- fanalam-baraka
- fanamelohan-tena
- fifehezana
- fampitahorana
- fanerena
- fanararaotana
- fandrahonana am-bava
- fampijaliana amin'ny internet
- hatoka-monina
- tsy omena ny fanampiana na fanohanana ilaina nefa tsy misy antony akory ny hanaovana an'izany

➢ Fandresen-dahatra

Mety hatahorana hiova hevitra ny olona mila fikarakarana sy fanampiana. Mety hitranga amin'ny alalan'ny internet izany, amin'ny tambazotran-tserasera, boky vita printy, fivoriana, na avy amin'ny olon-tokana. Misy fanazavana momba an'ity foto-kevitra ity ao amin'ny Paikady fiarovana.

➢ Tsy firaharahana

Anizan'izany izay fihetsika rehetra mampiseho tsy firaharahana ataon'ny olona iray amin'ny tenany, toy ny fahadiovany, sy ny fahasalamany
na ny manodidina azy. Tafiditra amin'io koa ny fanangonana tafahoatra. Ahoana ny ahitana raha misy fepetra tokony horaisina na tsia? Miankina amin'ny fahaizan'ilay olon-dehibe miaro sy mifehy ny tenany izany. Mety tsy hahavita an'izany intsony ilay olona ka mila fanampiana avy any ivelany.

➢ Fanararaotana Ara-nofo

Rehefa terena, na fitahina ilay olona mba hanao zavatra mamoafady amin'ny olon-kafa. Mety hatao amin'ny Internet izany na mivantana, ary tafiditra amin'izany ireto:

- fanolanana
- fampihanjahanjana
- fanadalana
- fomba fijery na fihetsika tsy mendrika
- famitahana hanao firaisana
- sary vetaveta
- am-panaovina zavatra vetaveta na asaina mijery an'izany
- fampihanjahanjana
- fampijaliana hanao firaisana
- terena hanao zavatra vetaveta ilay olon-dehibe nefa tsy mety hanao an'izany

➢ Fanambakana ara-nofo

Manambaka ara-nofo ny olona iray raha manery na Manararaotra ny toe-javatra misy ny olona iray marefo mba hanaovana firaisana aminy (mety hoe miankina amin'io olona io ny fahazoan'ilay olona marefo ny anjara sakafony, ny boky fianarana, fitaterana, na zavatra hafa ilainy), na matanjaka noho ilay marefo izy, na atokisany. Mety hanome vola na tambiny hafa ilay olona mba hahazoana izay ilainy. Anisan'izy io koa ny fivarotana olona sy fivarotan-tena.

**Ankizy:** Antsoina hoe ankizy ny olona iray latsaka ny 18 taona. Anisan'izany ny Ankizy tonga eo amin'i Kew mba hitsidika, hianatra, hiasa sy/na hiasa an-tsitrapo.

**Olon-dehibe Marefo:** Olon-dehibe 18 taona na mahery, ary atahorana hisy Hanararaotra na hampijaly, ka:

i mila fikarakarana sy fanampiana
ii atahorana hisy Hanararaotra na tsy hiraharaha, ary
iii tsy mahavita miaro ny tenany amin'ny Fanararaotana na tsy firaharahana atao aminy.

Mety ho tafiditra amin'ny Olon-dehibe Marefo koa ny olona atahorana hisy Hanararaotra noho ny tsy fitoviana zo eo amin'ny asa. Mety hitranga izany amin'ny asa iraisam-pirenena sahanin'i RBG Kew.

**Ny Fihetsika tsy mendrika** dia izay fihetsika rehetra mety hampigadra, na mety hanimba ny fahasalamana, ny fiarovana na ny maha izy ny olona iray.

**Ny Asa Voara-maso** dia:

**Raha ho an’ny Ankizy:** asa mahatafiditra fifandraisana akaiky amin’ny Ankizy nefa tsy misy fanaraha-maso*, toy ny fampianarana, fampiofanana, fanabeazana, fikarakarana, raha atao indray mandeha isan-kerinandro na mahery ilay izy, na efatra andro na mahery ao anatin’ny iray volana misy 30 andro.

* Ilay mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo no arahi-maso eto fa tsy ilay Ankizy na ny tanora. Milaza ny lalàna avoakan'ny Fanjakana fa ny fanaraha-maso dia tsy maintsy:

- atao tsy tapaka sy isan'andro
- ataon'ny olona iray manao asa voara-maso
- atao araka ny antonony mba ho azo antoka ny fiarovana ny Ankizy

**Raha ho an'ny Olon-dehibe Marefo:** fikarakarana ny fahasalamana, fikarakarana manokana na fanampiana hafa eo amin'ny asany. Fanampiana natao indray mandeha ihany no azo heverina ho Asa Voara-maso, saingy tsy tafiditra amin'izany ohatra ny fanampiana an'ilay olona mba hahalany ny sakafony, amin'ny fotoana tsy miova.

## Fanazavana II: Lalàna manan-danja sy tari-dalana

**Lalàna Momba ny Maha Olona tamin'ny 2014** – ity ny lalàna voalohany nitaky ny hampahafantarana amin'ny manam-pahefana eo an-toerana, izay fanahiana momba ny fiarovana mahatafiditra olon-dehibe mila fikarakarana ara-pahasalamana sy fanampiana. Araka ny Lalàna Momba ny Maha Olona tamin'ny 2014, dia andraikitry ny manam-pahefana ny 'manadihady na manokatra fanadihadiana', raha hitany hoe misy olon-dehibe:

1. mila fikarakarana sy fanampiana (na tsy mahavita manome an'ireo aza ny manam-pahefana eo an-toerana) ary
2. atahorana hisy Hanararaotra na tsy hiraharaha, ary
3. vokatr'ireo fikarakarana sy fanampiana ilainy, dia tsy mahavita miaro ny tenany amin'izay mety ho Fanararaotana izy.

**Lalàna Momba ny Ankizy tamin'ny 1989 sy 2004** – voafaritra ato ny lalàna momba ny fanampian'ny manam-pahefana eo an-toerana, fametrahana ny Vaomiera Miaro ny Ankizy sy ny fampiroboroboana sy fiarovana ny ankizy, sady manaiky ny andraikitry ny ray aman-dreny amin'ny Zanany.

**Lalàna Momba ny Fitsarana sy ny Raharaham-pitsarana tamin'ny 2000** – miresaka momba ny famoahana tsiambaratelo sy ny raharaha momba ny fiarovana ny Ankizy.

**Tari-dalana avy Amin'ny Ministeran'ny Fanabeazana: Asa Voara-maso (Ankizy)** – fanaraha-maso amin'ny asa ataon'ny Ankizy, izay asa voara-maso rehefa tsy misy manara-maso. Hita ao ny tari-dalana omena ny mpiasa anatiny na ny mpiasa an-tsitrapo rehefa manara-maso ny Ankizy.

**Lalàna Momba ny Fitoviana tamin'ny 2010** – mifanaraka amin'ny lalàna momba ny fanavakavahana sy fitoviana, ary manameloka ny fanavakavahana, ny fanerena, na fampijaliana ny olona iray eo am-panaovany ny asany.

**"Tari-dalana momba ny asa natao hiarovana sy hanohanana ny Ankizy",** voafintina ao ny andraikitry ny manam-pahefahana eo an-toerana, ny fikambanana ara-pahasalamana sy fanabeazana. Mihatra amin'ny olona eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny sehatry ny asa an-tsitrapo koa anefa izy io, ary mamaritra ny atao hoe Fanararaotana ara-batana, ara-pihetsaham-po, ara-nofo, ary ny fanaovana Tandrevaka.

**Lalàna Momba ny Fanandevozana Maoderina tamin'ny 2015** – hita ao ny fomba hiadiana amin'ny fanandevozana maoderina, mba hahatonga an'izay mandika lalàna iharan'ny sazy henjana ary mba hahazoan'ny niharam-boina fanampiana sy fiarovana bebe kokoa.

**Andraikitra Fanatsaharana** – ny Lalàna Momba ny Fiarovana sy ny Ady Amin'ny Asa Fampihorohoroana tamin'ny 2015 dia mitaky amin'ny manam-pahefana sasany, mba hanakana ny olona tsy hanao asa fampihorohoroana.

**Lalàna Momba ny Fiarovana Andian'ny Olona Marefo tamin'ny 2006** (nahitsin'ny Lalàna Momba ny Fahalalahana tamin'ny 2012) – mametraka ny Sampan-draharahan'ny Tsiambaratelo sy Fandrarana (na DBS) ary manameloka an'izay olona mbola manao Asa Voara-maso mifandray amin'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo, nefa hita ao anatin'ny lisitry ny fandrarana izy, na mahafantatra efa voarara. Tafiditra amin'io lalàna io koa ny heloka ataon'ny olona mitady, manolotra, na manao Asa Voara-maso, na mampanao Asa Voara-maso nefa tratran'ny fandrarana.

**Lalàna Momba ny Fanararaotana Ara-nofo tamin'ny 2003** – mamaritra karazana heloka maromaro, anisan'izany ny Fanararaotana ara-nofo atao amin'ny Ankizy, fivadiham-pitokisana sy fangalana sary tsy mendrika.

**Lalàna Momba ny Ankizy (Hetsika sy Kilalao) (Angletera) tamin'ny 2014** – voalaza ato ny fepetra apetraky ny manam-pahefana mba hahazoana fahazoan-dalana amin'ny asa mifandray amin'ny fampiasana Ankizy (ohatra fanakaramana Ankizy mba hangalana sary. Hita ato koa ny fepetra raisina mba hiarovana ny Ankizy, hijerena olona mpiahy sy mpikarakara.

**Ny Lalàna Momba ny Fiarovana ny Fanazavana** (EU) 2016/679) (GDPR) sy ny **Lalàna Miaro ny Fanazavana Manokana tamin'ny 2018** – mamaritra ny fepetra arahina rehefa mikirakira fanazavana manokana momba ny olona iray mbola velona, na fanazavana hafa toy ny fiaviana na foko, fahasalamana, firehan-kevitra momba ny pôlitika, fivavahana, na fananahana.

## Fanazavana III: Toromarika ho an’ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo Very

Raha misy asa atao ivelan’ny Royaume Uni na iraisaim-pirenena, dia tokony hiarahan’ny mpiasa anatiny, ny mpiasa an-tsitrapo, sy ny mpandraharaha dinihina ny toromarika ho an’ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo eo an-toerana, ary hohamafisina an-tsoratra ilay izy alohan’ny hanaovana an’ilay asa.

**Rehefa mahita Ankizy/Olon-dehibe Marefo very teo an-toerana**
Omeo toky ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo ary antsoy avy hatrany ny polisy na ny mpiambina ny zaridaina:

- Ny Polisy Mpiambina ny Kew Gardens amin'ny birao 333 (020 8332 3333)
- Ny Mpiambina ny zaridaina ao Wakehurst amin'ny alalan'ny radio fifandraisana, amin'ny onjam-peo efa nifanarahana. Antsoy ny birao 4107 (01444 894107) raha tsy manana radio fifandraisana ianao

Mety hasaina miantso ny tompon'andraikitry ny lanonana ianao amin'ny alalan'ny radio, mandritra ny fotoana manokana (toy ny Krismasy ao amin'i Kew).

Aza entina miala eo amin’ilay toerana nahitana azy ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo, raha tsy hoe efa nisy toerana nifanarahana hitondrana ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo, ohatra hoe amin’ny fotoana manokana. Mijanòna eo amin'ny toerana mora ahitan'ny olona anao. Mety hidika izany hoe mila mifindra toerana kely ianao.

**Raha misy olon-dehibe mampahafantatra hoe misy Ankizy/Olon-dehibe Marefo eo an-toerana very**
Omeo toky ilay olon-dehiba ary antsoy ny Polisy/Mpiambina etsy ambony. Aza misaraka amin'ilay olona mihitsy mandra-pahazoana toromarika fanampiny.

**Omeo ny Polisy/Mpiambina izay fanazavana rehetra anananao**
**Mitandrema mba tsy hiteny mafy** rehefa manonona an'ireto:

- anaran'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo
- taona
- adiresy/anaran'ilay sekoly (raha ilaina)
- toe-batana (halavana, lokon'ny volo, akanjo, sns.)
- toerana farany nahitana an'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo
- fotoana farany nahitana an'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo

Tokony hifandray amin'ny mpiasa anatiny hafa ny **Polisy/Mpiambina amin'ny radio/telefaonina** ka ny onjam-peo efa nifanarahana no ampiasaina.

**Andraikitry ny Polisy/Mpiambina ny mampihaona an'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo amin'ilay olona mpikarakara azy**

- Tokony hameno an’ilay taratasy hofenoina momba ny ankizy very ny Polisy/Mpiambina, raha mbola tsy afaka nihaona tamin’ilay olon-dehibe mpikarakara azy ilay Ankizy, 10 minitra aty aoriana.
- Tokony hameno an’ilay taratasy momba ny olon-dehibe marefo very ny Polisy/Mpiambina, raha mbola tsy afaka nihaona tamin’ilay olon-dehibe mpikarakara azy ilay Olon-dehibe Marefo, afaka 20 minitra aty aoriana.
- Tokony hiantso ny mpitandro filaminana ny Polisy/Mpiambina, raha mbola tsy afaka nihaona amin'ilay olon-dehibe mpikarakara azy ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo, afaka adiny iray.
- Tokony hameno ny Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana ny Polisy/Mpiambina, raha ilaina.

Rehefa ampihaonina ny roa tonta, dia andraikitry ny Polisy/Mpiambina ny manamarina hoe tena ilay olon-dehibe mpikarakara ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo tokoa ilay mihaona aminy.

## Fanazavana IV: Torolalana ho an'ny Fanaovana Tatitra Momba ny Fiarovana

Mitranga ny fanahiana momba ny fiarovana, rehefa nisy fanazavana henonao na tranga hitanao maso ka mahatonga anao hanahy amin'ny fiarovana Ankizy na Olon-dehibe Marefo. Mety ho anisan'ny mampanahy koa ny mpiasa anatiny, ny mpiasa an-tsitrapo, mpianatra, na mpandraharaha, raha atahorana ny fihetsiny.

**Tokony halefa mivantana any amin'ny safeguarding@kew.org ny Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana rehetra nofenoina.**

Mampanahy anao ny fihetsika ataon'ny mpiasa anatiny/mpiasa an-tsitrapo/mpandraharaha, amin'ny Ankizy/Olon-dehibe Marefo, na mety nisy tranga momba ny fiarovana hitanao maso.

↓

Ilazao **avy hatrany** ny tompon'andraikitra/mpandrindra ny sampan-draharaha na tompon'andraikitra hafa sy ny Polisy/Mpiambina, raha ilaina.
Tokony hameno Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana (fizarana 1) **ianao**, ao anatin'ny adiny roa nitrangan'ilay zavatra

↓

Alefaso mailaka any amin'ny safeguarding@kew.org ilay Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana, **ao anatin'ny adiny roa aty aoriana.**
Tokony hasiana soratra hoe "Tsiambaratelo" ny Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana.

↓

Halefan'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana mangingina any amin'ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (DSL) ilay hafatra, ary ity farany no hanapaka ny amin'izay atao.

Hangataka ny hevitry ny talen'ny sampan-draharaha hafa izy, toy ny RH, H&S, Fifandraisana

**Raha tsy misy zavatra mila atao:**
Hameno ny rosia amin'ilay Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana ny DSL, raha hita fa tsy mahakasika fiarovana ilay fanahiana.

**Raha tsy fantatra tsara izay tokony hatao:**
Hiresaka amin'ny Lehiben'ny Fiarovana ny DSL, na raha tsy afaka izy, dia ny Olon-tokana Ifandraisana (SPA) no resahina, na ny laharana an-tariby an'ny NSPCC na ny Ekipa Mpikarakara ny Olon-dehibe, raha ilaina.

**Mila ny fanampian'ny olona avy any ivelany ilay fanahiana:**
Resaho ny Olon-tokana Ifandraisana (SPA)/Ekipa Mpikarakara ny Olon-dehibe/Ekipa Vonjy Taitra, raha ilaina sy/na antsoy ny manam-pahefana.
Tokony hameno an'ilay rosia ao amin'ilay taitra ny DSL.

↓

**Fanaraha-maso:**
Hanao famintinana an'ilay trangan-javatra ny sampan-draharahan'ny fiarovana/DSL, ary soratana ao izay lesona azo ianarana. Hanao famotorana an'ilay olona voatonona ao amin'ilay tatitra ny tompon'andraikitra.
Any amin'ny tapany farany amin'ilay taratasy izany no soratana.

## Fanazavana V: Raha mivoaka ny resaka

Andraikitry ny rehetra ny fiarovana. Mety hisy te hiresaka aminao momba an’izay Fanararaotana nahazo azy (Ankizy, tanora, na olon-dehibe), noho ianao miasa eo anivon’i RBG Kew. Mety ho mbola iharan'ilay fanararaotana izy amin'izao, na mety ho efa tamin'ny lasa ilay izy no nitranga, saingy tokony hitovy ny fandaminana ny fanambarana rehetra.

Aza hadinoina ireto hevitra manaraka ireto, raha misy olona mitantara zava-mitranga aminao.

1. Mihainoa: Avelao izy hitantara ny zava-niseho ary aza sokirina be izy. Avereno lazaina izay noteneniny, raha ilaina, mba ho azo antoka hoe azonao ny tiany holazaina. Aza mametraka fanontaniana tery loatra, raha tsy maintsy manontany ianao. Mampiasà teny toy ny hoe oviana, nahoana, tamin'ny fomba ahoana, taiza rehefa mametraka fanontaniana misy valiny maromaro. Ireto misy ohatra momba ny fanontaniana malalaka:
    a. Azonao resahina bebe kokoa ve ny momba ny…?
    b. Tiako ho fantatra ny momba ny…?
    c. Hoatran'ny tsy azoko tsara, afaka manome ohatra ve ianao…?

2. Tadidio fa tsy anjaranao mihitsy ny manadihady. Angony fotsiny ny fanazavana mety hanampy an’izay mila izany (polisy/mpikarakara ny Ankizy sy olon-dehibe)

3. Asehoy foana hoe ekenao sy resahina aminao, na inona na inona mety ho hevitrao. Mila herim-po be ny fitantarana trangana Fanararaotana. Tokony ho tsapan’ilay mitantara àry fa mino izay lazainy ianao, ary manaja azy

4. Aoka ianao ho tony ary omeo toky ilay olona fa tsy fahadisoany ny manjo azy

5. Manaova fihetsika mampiseho fanajana rehefa miresaka, ohatra hoe mijery an'ilay olona amin'ny masony, mba ho tsapany hoe mahaliana anao ilay resaka

6. Milazà ny marina ary aza mampanantena mihitsy hoe tsy hamoaka tsiambaratelo ianao. Tokony hanao tatitra ianao raha nisy resaka nivoaka momba ny Fanararaotana

7. Ataovy tafiditra amin'ilay dingana arahina rehetra ilay olona, atoroy azy hoe iza no mila maheno an'ilay resaka ary inona no hitranga. Ataovy mahakasika azy koa ny fanapahan-kevitra raisina, raha ilaina

Mety hisy vokany eo amin’ny fihetseham-ponao ny fihainoana fanambarana ataon’ny olona niharan’ny Fanararaotana. Tadidio fa ianao no nofidin'ilay olona hihaino ny nanjo azy, satria mety hoe atokisany iano sy/na hitany hoe voaro izy miaraka aminao. Tokony hisy karazana famintinana hatao aorian'ny fanambarana toy izany, amin'izay voakarakaranao tsara ny fanazavana voarainao. Afaka manampy anao amin’izany ny tompon’andraikitrao, ny DSL sy/na ny Sampan-draharahan’ny Fiarovana eo anivon’ny RBG Kew.

## Fanazavana VI: Taratasy Momba ny Tranga sy Fanahiana

# Taratasy Momba ny Tranga Fiarovana sy Fanahiana

Tokony hofenoin'ILAY olona nanao tatitra an'ilay fanahiana. Fenoy daholo izay fanazavana rehetra fantatrao, sy ny zava-nitranga tena nisy raha mety. Afaka manampy pejy fanampiny raha ilaina.

| | |
|---|---|
| Ny anaran'ilay olona mameno an'ilay taratasy | |
| Asany sy ny sampan-draharaha misy azy ato amin'i Kew | |
| Daty sy ora namenoana an'ity tatitra ity | |
| Daty sy ora nitrangan'ilay zavatra | |
| Toerana nitrangan'ilay zavatra | |
| Anaran'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo | |
| Taona/Daty nahaterahan'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo | |
| Mombamomba an'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo (ohatra: lokon'ny volo, akanjo, fiaviana, sns.) | |
| Anaran'ny Ray Aman-dreny/Mpiahy | |
| Nomeraon-telefaonina | |
| Adiresin'ny Trano | |
| Mombamomba an'ilay Ray Aman-dreny/Mpiahy (ohatra: lokon'ny volo, akanjo, fiaviana) | |

| | |
|---|---|
| Efa nampandrenesina ve ny tompon'andraikitrao na ny mpandrindra ny sampan-draharahanao? Raha tsia, nahoana? | |
| Raha nantsoina ny Polisy/mpamonjy voina vokatr'ilay tranga, noresahina ve ny Tompon'andraikitry ny Mpiambina Maharitra, Raha tsia, nahoana? | |

| | |
|---|---|
| Sonian'ilay olona mameno an'ilay taratasy | |

| |
|---|
| Tsipiriany momba an'ilay fanahiana. Tokony ho voafaritra tsara, sy mazava ary marina tsara ny fanazavana omenao eto ambany.<br>Ataovy mifanaraka amin'izay tena nitranga ireto manaraka ireto:<br>• Iza, inona, taiza ary oviana?<br>• Nisy nahita ve?<br>• Nisy naratra?<br>• Nisy olona noresahinao momba azy ity ve?<br>• Niresaka tamin'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo ve ianao?<br>• Nisy niresaka tamin'ilay ray aman-dreny/mpikarakara/mpiahy ve? Raha eny, inona no noresahina? |
| |

Alefaso mailaka amin'ity adiresy ity ilay taratasy, ary mariho ao hoe tsiambaratelo: safeguarding@kew.org.
Tokony hotehirizin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ao amin'ny toerena azo antoka ity taratasy ity. Tokony hopotehina ny taratasy natao pirinty.

# Filazana Fandraisana ny Taratasy Momba ny Tranga sy Fanahiana

Tokony hofenoin'ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (DSL) na ny Lehiben'ny Fiarovana.

| | |
|---|---|
| Anaran'ny DSL/Lehiben'ny Fiarovana | |
| Daty | |
| Daty sy ora voalaza fa nitrangan'ilay zavatra | |
| Ny Zavatra Natao<br>ohatra hoe Nalefa any Amin'ny Olon-tokana Ifandraisana (SPA) na ny Ekipa Mpikarakara ny Olon-dehibe, raha ilaina<br><br>Fanamarihana: ora, daty, anarana, iza no nampahafantarina an'ilay izy, ary tamin'ny oviana, sns. | |
| Lazao ny antony, raha tapaka fa tsy alefa ilay tatitra | |
| Nisy lehiben'ny sampan-draharahan'ny Kew noresahina ve? Tontolo Iainana, S&S, Communications, RH | |
| Noresahina ve ny ray aman-dreny na ny mpikarakara?<br><br>Inona ny antony | |
| Misy fanazavana lehibe hafa ve? | |
| Sonia | |

Tokony hotehirizin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ao amin'ny toerena azo antoka ity taratasy ity. Tokony hopotehina ny taratasy natao pirinty.

# Famintinana Momba ny Tranga na Fanahiana

Tokony hofenoin'ny Tompon'andraikitra, ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (DSL) na izay anisan'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana.

| | |
|---|---|
| Ny anarana sy ny asan'ilay olona mameno an'ilay famintinana | |
| Daty nanaovana an'ilay famintinana | |
| Misy zavatra hafa mila atao ve taorian'ilay tatitra voalohany? | |
| Nisy fanamarinana natao ve mahakasika ny fahasalaman'ilay Ankizy/Olon-dehibe Marefo voakasik'ilay tranga?<br><br>Manomeza tsipiriany | |
| Nohamarinina ve ny fahasalaman'ilay olona nanao tatitra? | |
| Inona ny azo ianarana avy amin'ilay izy? | |
| Daty nandraisana fepetra taorian'ny nandraisana lesona | |
| Sonia | |

Tokony hotehirizin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ao amin'ny toerena azo antoka ity taratasy ity. Tokony hopotehina ny taratasy natao pirinty.

## Fanazavana VII: Fampiharana an'ilay pôlitika any Madagasikara

Takatr'i RBG Kew fa tsy mitovy amin'ny aty Royaume-Uni ny resaka fiarovana any Madagasikara. Noho izany, dia aseho ato ny fiovana sasany tsy maintsy natao ho fampiharana an'ity pôlitika ity. Tsy miova anefa ny fitsipika fototra dia ny fitandroana ny fiarovana sy ny fahasalaman'ny Ankizy sy Olon-dehibe Marefo.
Misy amin'ny teny frantsay sy teny malagasy izy io, ary tokony halefa any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana ny fanontaniana rehetra.

### Fahaizana mifidy mpiasa vaovao

- Ny mpiasan'ny KMCC no misolo ny fanamarinana ataon'ny DBS, ary ny Bulletin N° 3 avy any amin'ny Fitsarana no ilaina alohan'ny hidirana hiasa.

### Fampianarana sy fampiofanana

- **Fampiofanana tsotra momba ny fanentanana:** Tokony hijery an'ilay Fampiofanana Momba ny Fanentanana Mahakasika ny Fiarovana any Madagasikara, hita ao amin'ny Internet ao amin'ny Kewnet, ny mpiasa rehetra ao amin'ny KMCC. Tsy maintsy mijery an'io video io ny mpiasa vaovao rehetra, ary mila mamerina mianatra azy indray afaka roa taona.
- **Fiofanana fanampiny**: Hisy fiofanana fanampiny momba ny fiarovana halamina sy/na havoakan'ny Lehiben'ny Fiarovana sy ny Fiambenana an'ny KMCC (SSO) ary ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana any Royaume-Uni no hanampy, raha ilaina.
- **Fiarovana tambazotran-tserasera**: Tokony hanatrika an'io fiofanana atao amin'ny alalan'ny Teams io ny mpiasan'ny KMCC rehetra, izay mikirakira ny tambazotran-tserasera'ny Kew, sy ny tranonkala famaliana hafatra.

### Fandaminana andraikitra

- Milaza ny Organisation internationale du travail (na OIT) fa mila feno 15 taona vao mahazo miasa ara-dàlana ny ankizy, saingy tsy mahazo miasa mihoatra ny adiny valo izay latsaka ny 18 taona.
- Raha mampiasa ankizy tsy feno 18 taona ny olona iray, dia mila mahazo alalana avy amin'ny ray aman-dreniny/mpitaiza/mpikarakara azy, ary tandremana ny fahasalamana ara-batana sy ara-pihetseham-pon'ilay ankizy, ohatra hoe omena fiatoana fanampiny izy.  Azo atao ny mangataka alalana amin'ny lehiben'ny fokontany, raha tsy azo ny alalana avy amin'ny ray aman-dreny/mpiahy, angamba noho ilay ankizy lasa kamboty na mipetraka lavitry ny fianakaviany. Tena ilaina amin'izay fotoana izay, ny mijery sao misy olana amin'ny resaka fampiasana ny hery ka misy fanambakana.

### Fanazavana manokana sy fampiasana sary

- Hita fa mbola sarotra kokoa noho ny aty Royaume-Uni ny fahazoana alalana maka sary any Madagasikara. Neken'ny Kew ny hoe azon'ny lehiben'ny fokontany na tanàna ny manao sonia ny fanekena fangalana sary, amin'ny anaran'ny tanàna misy azy. Mbola ilaina koa ny fanekena am-bava avy amin'ilay olona alohan'ny hangalana sary na video azy.  Tokony tsy hampiseho zava-dratsy ilay sary, feno fanajana, ary tsy hanimba ny fahamendrehan'ilay olona.

### Torolalana ho an'ny Fanaovana Tatitra Momba ny Fiarovana

- Tokony hanaovana tatitra mifanaraka amin'ny Pôlitika Fiarovana an'i Kew, ny tranga rehetra momba ny fiarovana niseho tamin'ny asa natao tany Madagasikara. Izay fiteny tena manavanana azy no ampaisain'ny mpiasa rehefa hameno an'ilay tatitra.  Raha sahirana ilay mpiasa mameno an'ilay tatitra, dia azo atao ny mandamina fivoriana miaraka aminy sy ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana. Ity farany no haka am-bavany an'ilay zava-nitranga.
- Hita fa tsy ampy ny adiny roa hanaovana tatitra satria eo ny fahatapahan-jiro, na ratsy ny fifandraisana na tsy misy Internet ilay toerana. Ilaina ny mampandre haingana araka izay azo atao ny Sampan-draharahan'ny Fiarovana. Azo atao ohatra ny mandefa hafatra amin'ny mailaka, toy izay handefa an'ilay tatitra manontolo nofenoina.
- Azo atao ny mampiasa WhatsApp (izay tena fampiasa be any Madagasikara) mba hampandrenesana ny SSO momba ny tranga iray. Tsara anefa ny tsy mandefa hafatra misy resaka tsiambaratelo.
- Ny Tompon'andraikitra Mikarakara ny Fiarovana (na DSL) no anisan'ny Deputy Director of Science (Operations) ary anisan'ny KMCC ny SSO mba hanome fanampiana sy soso-kevitra.